



FIADIDIANA NY REPOBLIKA **FAMPITAM-BAOVAO**

Fankalazanany Faha-72 taonan'ny tolom-panafahana 29 martsa 1947 tao Moramanga: "Ho hasandratra avo ny hambompom-pirenena sy ny Fitiavian-tanindrazana ho amin'ny Fandrosoana"

Raha vantany vao nahavita ny lanonam-pahatsiarovana an'ireo mahery fo tao Avaratr'Ambohitsaina ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina, dia nihazo an'i Moramanga, izay ambohipihaonan'ny fahatsiarovana ny tolom-panafahana tamin'ny taona 1947. Natomboka tamin'ny fametrahaman'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina fehezam-boninkazo tao amin'ny fasan'ny mahery fo tao Ampanihifana ny lanonam-pahatsiarovana. Taorian'izay dia nihazon'ny tampon-tanànan'i Moramanga ny tenany, niarahaba ny vahoaka tao an-toerana, sy ny tafika ary ireo bekotro maro olatra mbola velon'aina, ary nandrehitra indray ny afon'ny Fitiavian-tanindrazana.

Lesona goavana momban'ny Fitiavian-tanindrazana no lova napetraky ny mahery fo sy bekotro maro olatra ho an'ny taranaka, hoy ny Filoha Rajoelina koa mankasitra ka azy ireo ny Firenena manontolo. Tsy ho avela ho raraka an-tany izany herimpo izany, fa ho avadika ho angovo hampiredareda ny afon'ny fitiavian-tanindrazana ao ampon'ny malagasy tsirairay, hoy hatrany ny Filoham-pirenena. Izany indrindra no antony ijoroana ankalazana ny andron'ny 29 martsa, izay tsy fanadino, ka hampitoetra ny tena Fitiavian-tanindrazana nananan'ny zoky raiamandreny ao ampon'ny olom-pirenena tsirairay. "Tonga ankehitriny ny fotoana hanatanterahana ny tanjona napetrak'ireo zoky raiamandreny" hoy ny Filoha, ka "Tsy hikely soroka isika hanavotra ny Tanindrazana, mba hialana amin'ny fahantrana izay nangeja ny Firenena amam-polotaona maro". Ho hasandratra avo ny hambompom-pirenena sy ny fitiavian-tanindrazana, mba handroso amin'izay i Madagasikara ao anatin'ny Fahaleovantena marina, toy ny Fahaleovantena ara-tsakafo, ara-toekarena, sy arakolotsaina mba hahitan'ny taranaka faramandimby ny anjara-masoandrony isan-tokantrano.

Ny fanamby rehetra izay napetraka hoy izy, dia tsy maintsy ho tanterahina. Nambaran'ny filoham-pirenena ihany koa fa maro ny tetikasa sy tetibola natokana hampandrosoana manokana an'i Moramanga, izay ho tanterahina amin'ity taona ity ihany. Voakasik'izany ny sehatry ny fanatanjahantena, ny fampananana asa ho an'ny tanora, ny Fahasalamana, ny fotodrafitrasa toy ny lalana, sns. Koa mila mifampatoky sy mifanome Tanana ny malagasy, hoy izy, mba hahatanteraka izany rehetra izany. Azo tanterahana soamantsara ny fampandrosoana an'i Madagasikara, hoy ny Filoha Andry Rajoelina, miaraka amin'ny Vina matipaika sy ny tetikasa tsararindra, ao anatin'ny firaisankinan'ny vahoaka malagasy manontolo.

Taorian'ny lahateny samihafa nataon'ireo manam-pahefana, dia nisy ny fiaraha-misakafo tamin'ireo ray aman-dreny, ary niampy fanoloran'ny Filoham-pirenena, vatsy ara-tsakafo sy kara-pahasalamana ho fitsaboana maimaim-poana, ary solombodiakoho mitentina 150.000 Ariary avy ho an'ny bekotro maro olatra, narahina fizarana mofomamy. Betsaka ny zokiolona nitaraina, fa tsy mahita aleha rehefa marary sady tsy mahaloa ny sara-pitsaboana, koa izao fanomezana kara-pahasalamana azy ireo izao, dia hafahany mandeha mamonjy mpitsabo rehefa marary, ary hahazoany fanafody maimaim-poana. Ho hatsangana tsy ho ela ihany koa ny toerana hahafahana misotro ronono ho an'ny beantitra, hoy ny Filoha Rajoelina, ka hoentohan'ny fanjakana ny lany rehetra ao anatin'izany.

Fiadidiana ny Seraseran'ny Repoblika
29-03-2019